

MILAZA FITAMBARANA MAMPIASA

"tout" "toute" "tous" "toutes"

Teny entina milaza fitambarana ny "tout" "toute" "tous" "toutes", izay adika amin'ny teny malagasy hoe "rehetra" na "manontolo". Raha ny heviny ao anaty fehezanteny dia mitovy izy rehetra saingy eo amin'ny fampiasana azy araka ny genre (masculin/féminin) sy ny nombre (singulier/pluriel) no mahasamihafa ny tsirairay.

tout: ampiasaina amin'ny teny masculin singulier

Entina mamaritra zavatra tokana manontolo, izany hoe tsy maneho fahamaroana ny "tout" fa milaza zavatra iray mitambatra.

Ampiasaina miaraka amin'ny mpanoritra masculin singulier: le, ce, cet, mon, ton, son, notre, votre, leur

Exemples:

- tout le matin: ny maraina tontolo
- tout mon corps: ny vatako rehetra
- dans tout le pays: ao anatin'ny firenena iray manontolo
- tout le temps: ny fotoana rehetra (isaky ny mihetsika)

toute: ampiasaina amin'ny teny féminin singulier

Mitovy fampiasana amin'ny "tout" saingy ny genre no mahasamihafa azy.

Ampiasaina miaraka amin'ny mpanoritra féminin singulier: la, cette, ma, ta, sa, notre, votre, leur

Exemples:

- toute la journée: mandrapa-hariva ny andro (ny andro tontolo)
- toute sa vie: ny fiainany rehetra
- toute l'année: mandritry ny taona (ny taona manontolo)
- toute la plante: ilay zava-maniry iray manontolo

tous: ampiasaina amin'ny teny masculin pluriel

Natao ilazana zavatra rehetra, izany hoe maneho fahamaroana ny "tous"; izay mampiavaka azy amin'ny "tout".

Miaraka amin'ny mpanoritra masculin pluriel: les, ces, mes, tes, ses, nos, vos, leurs

Exemples:

- tous les hommes: ny lehilahy rehetra
- tous ces enfants: ireo ankizy rehetra ireo
- tous mes amis: ny namako rehetra
- tous les niveaux: ny ambaratonga rehetra

toutes: ampiasaina amin'ny teny féminin pluriel.

Mitovy fampiasana amin'ny "tous" saingy ny genre no mampiavaka azy.

Ampiasaina miaraka amin'ny mpanoritra féminin pluriel: les, ces, tes, ses, nos, vos, leurs

Exemples:

- toutes les femmes: ny vehivavy rehetra
- toutes vos questions: ny fanontanianareo rehetra
- toutes ces régions: ireo faritra rehetra ireo
- toutes les situations: ny sehatra rehetra

Phrases d'exemples/ Fehezanteny ohatra:

- Tout le monde doit assister à la réunion./ Tsy maintsy manatrika ilay fivoriana daholo ny olona rehetra.
- Il dépense tout son argent dans le bar./ Mandany ny volany rehetra ao amin'ny bar izy.
- Nos grands-parents réunissent toute la famille pour fêter la fin d'année avec eux./ Mamory ny fianakaviana rehetra ny ray amandrenibenay mba hifety miaraka aminy ny faran'ny taona.
- Il passe toute sa vie dans un petit village à l'Ouest de Madagascar./ Ao amina tanàna kely iray andrefan'i Madagasikara izay no andaniany ny androm-piainany rehetra.
- Tous les toits de ces maisons se colorent en bleu./ Miloko manga daholo ny tafon'ireo trano ireo.
- Tous les moyens sont bons pour résoudre le problème./ Mety daholo ny fomba rehetra hamahana ny olana.
- Toutes ces choses sont utiles pour améliorer notre collaboration./ Ilaina daholo ireo zavatra ireo mba hanatsarana ny fiaraha-miasantsika.
- Il présente toutes ses excuses aux parents de l'enfant./ Maneho ny fialantsininy amin'ny ray amandrenin'ilay ankizy izy.